# Topimaso mikasika ny fampianarana tahaka ny an'i Kristy

| Mifantoha amin'i Jesoa Kristy | |
|---|---|
| **Mampianara mikasika an'i Jesoa Kristy na inona na inona ampianarinao** | **Ampio ny mpianatra hanatona an'i Jesoa Kristy** |
| Antitrantero ny ohatra nasehon'i Jesoa Kristy | Ampio ny mpianatra hamantatra ny fitiavan'ny Tompo sy ny heriny ary ny famindram-pony eo amin'ny fiainan'izy ireo |
| Ampianaro ny momba ireo anarana fiantsoana an'i Jesoa Kristy sy ireo anjara asany ary ireo toetra nananany | Ampio ny mpikambana hanamafy orina ny fifandraisan'izy ireo amin'ny Ray any An-danitra sy i Jesoa Kristy |
| Karohy ireo tandindona mijoro ho vavolombelona momba an'i Jesoa Kristy | Ampio ny mpianatra hinia hiezaka ny hitovy kokoa amin'i Jesoa Kristy |

**Ireo fitsipiky ny fampianarana tahaka ny an'i Kristy**

| Tiavo ireo izay ampianarinao | Mampianara amin'ny alalan'ny Fanahy | Ampianaro ny fotopampianarana | Ataovy izay hisian'ny fianarana amim-pahavitrihana |
|---|---|---|---|
| Jereo amin'ny fomba hijeren' Andriamanitra azy ireo ireo mpianatra. | Dia manomàna tena ara-panahy | Ianarao ho an'ny tenanao ny filazantsaran'i Jesoa Kristy. | dia ampio ireo mpianatra ho tompon'andraikitry ny fianaran'izy ireo. |
| Katsaho ny hahafantatra azy ireo. Takaro ireo toe-javatra iainan'izy ireo, sy ireo zavatra ilain'izy ireo ary ny tanjak'izy ireo. | Aoka ianao ho vonona mandrakariva hanaraka ireo bitsika ara-panahy momba ny zavatra ilain'ireo mpianatra. | Mampianara avy amin'ny soratra masina sy avy amin'ny tenin'ireo mpaminanin'ny andro farany. | Amporisiho ny mpianatra mba ho lasa mahafantatra ny Mpamonjy amin'ny alalan'ny fandalinana ny filazantsara isan'andro. |
| Mivavaha ho azy ireo amin'ny alalan'ny fanononana ny anaran'izy ireo. | Mamoròna sehatra sy fahafahana ho an'ireo mpianatra mba ho ampianarina amin'ny alalan'ny Fanahy Masina izy ireo. | Ampio ireo mpianatra hitady sy hamantatra ary hahatakatra fahamarinana ao amin'ny soratra masina. | Asao ny mpianatra hiomana hianatra. |
| Mamoròna tontolo azo antoka izay hanajana ny rehetra sy hahafantaran'izy ireo fa sarobidy ny anjara biriky entin'izy ireo. | Ampio ireo mpianatra hikatsaka sy hamantatra ary handray andraikitra eo anatrehan'ny fanambarana ho an'ny tena manokana. | Mifantoha amin'ireo fahamarinana izay mitondra any amin'ny fiovam-po sy manorina finoana an'i Jesoa Kristy. | Amporisiho ny mpianatra hizara ireo fahamarinana izay ianarany. |
| Mitadiava fomba tsara hanehoana ny fitiavanao. | Mijoroa ho vavolombelona matetika ary asao ny mpianatra hizara ny zavatra tsapany sy ny zavatra niainany ary ny fijoroana ho vavolombelona ananany. | Ampio ny mpianatra hahita zavatra mifandray amin'ny toe-javatra iainany ao amin'ny fotopampianaran'i Jesoa Kristy. | Asao ny mpianatra hiaina ny zavatra izay ianarany. |